Izaho dia madio eo anatrehan'i Tompo Allah ary tsy mba manana sakaiza na dia iray Aminareo aza, Satria i Tompo Allah efa nandray Ahy ho sakaizany, tahaky ny nadraisany an'i Abrahama (A.S) ho sakaiza

Tatitra azo avy amin'i JONDOB (R.A), izay niteny hoe : Izaho dia naheno tamin'ny Mpaminany (S.A.W) dimy alina talohan'ny nahafatesany fa Izy niteny ka nanao hoe : " Izaho dia madio eo anatrehan'i Tompo Allah ary tsy mba manana sakaiza na dia iray Aminareo aza, Satria i Tompo Allah efa nandray Ahy ho sakaizany, tahaky ny nadraisany an'i Abrahama (A.S) ho sakaiza , Ka raha afaka nandray Olona natao ho sakaiza Aho amin'ity vahoako ity, dia mety noraisiko i Abo Bakri (R.A) ho sakaiza. Ka dia tena marina fa ireo vahoaka teo alohanareo dia nandray ny fasan'ireo Mpaminanin'izy ireo sy ireo Olona masina tamin'izy ireo ho toeram-pivavahana, ka eto Aho dia tena manakana Anareo ny amin'izany ".

[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Nolazain'ny Mpaminany (S.A.W) ny anjara-toeram-boninahitra izay misy azy eo anatrehan'i Allah, ary Izy tokoa dia tonga eo amin'ny toerana avo indrindra eny amin'ny faratampon'ny fitiavana, tahaky ny toeram-boninahitra azon'i Mpaminany Abrahama (A.S), Ka izay no nahatonga azy tsy nanaiky afa tsy i Tompo Allah irery ihany no sakaizany, satria ny Fony dia rakotry ny fitiavana an'i Tompo Allah sy ny halebeany ary ny fahalalana momba azy, ka tsy afaka mivelatra ho an'ny Olon-kafa intsony, Ka raha nanana sakaiza amin'ny zavaboarin'i Tompo Allah Izy dia i Abo Bakri (R.A) no mendrika ho lasa sakaizany. Ary nandrara ny fihoaram-pefy ny amin'ny fitiavana mifanohitra amin'ny lalàna tahakan'ny nataon'ireo jiosy sy ny Kristiana amin'ny fanajana ny fasan'ireo Mpaminan'izy ireo sy ireo Olona masin'izy ireo ka nahatonga azy ireo lasa nandray izany ho tompo mpiara-miombon'antoka amin'ny fanompoana ankoatr'i Tompo Allah, ary nanamboatra toeram-pivavahana eo amin'ny fasan'izy ireo, ka izany rehetra izany dia efa noraran'i Mpaminany (saw) an'ireo vahoakany mba tsy hanao tahaky ny nataon'izy ireny.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/3347